



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

#### **Fifanakalozan-kevitra niaraka tamin'ireo vondron'ny mpampiasa sy ny sendikan'ny mpiasa : voafetra ho 200 000 ariary ny karama farany ambany**

Nihaona tamin'ireo vondron'ny mpampiasa avy ao amin'ny sehatra tsy miankina (GEM, FIVPAMA, GEFP, SIM) sy ireo sendikan'ny mpiasa tao amin'ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra ny filoha Andry Rajoelina anio 30 aprily 2019. Fihaonana izay manantara sy manan-danja eto amin'ny firenena satria dia nifantoka tamin'ny fanatsarana ny tontolon'ny asa amin'ny ankabobeny sy ny fampiroboroboana ny lafiny industria. Tapaka taorian'ity fifanakalozan-kevitra ity ary fa ho ferana ho 200 000 ariary ny karama farany ambany. Fanapahan-kevitra izay tafiditra amin'ireo velirano nataon'ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny vahoaka nandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra. Tapaka ihany koa fa ny tambin'ny ora mihoatra ny 20 ora sy ny karama latsaky ny 350 000 ariary dia tsy handoavana hetra ary ferana ho 173 ora isam-bolana ny fe-potoana hiasana izay hotsinjarain'ny mpampiasa. Natao izao mba hanatsara ny tontolon'ny asa sy ny fandraharahana ary ny fari-piainan'ny mpiasa, hoy ny nambaran'ny filoha Andry Rajoelina taorian'ny fihaonana. Naneho ny fankasitrarahany ireo vondron'ny mpampiasa izay nihaino sy nitondra vahaolana mba hanatsara izay tontolon'ny asa izay ihany koa ny tenany. Ireo solon-tenan'ny mpampiasa kosa dia naneho fisaorana tamin'ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny nametrahany ho laharam-pahamehana ny fifampidinhina teo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa ka tonga amin'izao fanapahan-kevitra noraisina izao. Samy niaiky moa ny telo tonta, dia ny mpampiasa, ny sendikan'ny mpiasa sy ny fanjakana izay nosoloin'ny filoha Andry Rajoelina sy ny ministry ny asa, ny asam-panjakana sy ny lalana sosialy tena nandritra ity fihaonana ity fa fanapahan-kevitra mitsinjo ny roa tonta, dia ny mpampiasa sy ny mpiasa ity noraisina ity. Ny solotenan'ny sendikan'ny mpiasa ihany koa dia nankasitraka ny fitondram-panjakana tamin'ny fijerena ny tombon-tsoan'ny mpiasa ary nanambara fa dingana lehibe no natao androany amin'ny fametrahana ny hasin'ny politikan'ny karamana « politique salariale » eto Madagasikara.

Ankoatra ny paik'ady napetraka hiadiana amin'ny kolikoly dia hapetraka ihany koa ny « mesure fiscal incitative » mba hanampy ireo orinasa mpamokatra erinaratra mba hahafahana mamokatra bebe kokoa. Nanainga ireo industria ny filoha Andry Rajoelina mba hametraka orinasa manerana ny faritra rehetra, ary ny tanjona amin'izany dia ny hamoronana asa maro be hoan'ny tanora malagasy.

Nanambara ihany koa ny Filoham-pirenana fa hisy favoriam-be ho tanterahina amin'ny volana jona ho avy izao, izay sehatra hatao hifanakalozana amin'ireo mpisehatra rehetra ao amin'ny lafiny industria. Hatao izany mba ho fampiroboroboana hatrany ity sehatra ity eto Madagasikara. Marihina moa fa ny karama farany ambany no noferana ho 200 000 Ariary fa ny mahakasika an'ireo taha ambony kosa dia miankina amin'ny fifampidinhina eo anivon'ny mpiasa sy ny mpampiasa izany.

Fiadidiana ny Serasera sy ny Fifandraisana

30-04-2019